


Ny Alahady 07 may 2023 dia noraisin'ny Filoha Andry Rajoelina teny amin'ny Lapam-panjakana ao Iavoloha ny Delegasiona avy aminy Tahirim-bola Iraisam-pirenena na ny FMI (*« Fonds monétaire international »*) izay notarihin' Andriamatoa Abebe Aemro Sélassié, Talen'ny departemanta ao amin’io vondrona tafiditra ao amin’ny Banky Iraisam-pirenena (Banque mondiale) io.

Anisan'ny lohahevi-dehibe noresahina tao anatin'izany fihaonana izany ny Fivoriana tombana andiany faha-4 na ny « 4e revue » an'ny FEC *(« Facilité élargie de crédit »)*. Hodinihina mandritra izany Fivoriana tombana izany ny fanatanterahana ny fandaniambolam-panjakana na ny *« Exécution budgétaire »* sy ny fijerena ny fampidirambolam-panjakana, indrindra fa ny mikasika ireo vola avy amin'ny mpandraharahan'ny solika.

Noentin'ny Filoha nanoloana ireto delegasiona avy amin'ny FMI ireto ny asa nataon'ny fitondram- panjakana sy ny governemanta tao anatin'ny 4 taona, izay nanamafisana ny Fitondram-panjakana manakaiky vahoka tamin'ny alàlan'ny fananganana fotodrafitrasa tena mikendry ny Fampandrosoan’ny Firenena malagasy marina -fa tsy ho ana tombontsoa manokana-, toy ny sekoly (efitrano miisa 4.000 no natsangana manerana an’ny Nosy) ; ny oniversite ; ny hopitaly (13 no tafatsangana ary hiampy tobim-pahasalama miisa 15) ; ny làlana (RN44, Ia RN5A, Ia RN10, Ia RN9, Ia RN6), ary farany teo, ny fantsona lehibe (*« pipeline »*) mitondra rano manomboka eo renirano Efaho mankany Ambovombe sns... Ohatra ihany ireo.


www.madagate.org - Iavoloha 07.05.2023
Andry RAJOELINA


www.madagate.org
Iavoloha 07.05.2023